# JANOARY 2021, FANOMBOHAN'NY TAOM-PIOFANANA :
## Fiofanana araka ny fampianaran'i Md Ignasy (FSI) 2021

*Trano Mb Terezy Couderc Ambohipo 15 Janoary 2021*

**4 JANOARY 2021 : FAHATONGAVAN'NY MPIOFANA :**

Relijiozy valo avy amin'ny Fikambanana valo : Efatra avy amin'ny fikambanana manaraka ny fampianaran'i Md Ignasy : Laurette, masera Sœurs du Christ, Marie Jeannine masera Notre Dame du Cénacle, Rondro masera Md Josefa avy any Aosta sy Julie masera Marie Réparatrice. Ny efatra hafa kosa : Olga masera Clarisses, Suzette masera Notre Dame de la Salette, Adeline Filles de la Charité de Saint Vincent de Paul ary Charline masera Missionnaires de l'Evangile.





Tonga nandray azy ireo, solon-tena ny ekipa manome ny fiofanana niaraka tamin'i Masera Mélanie, Lehibe Reziônaly Md Josefa avy any Aosta sy ny kôminôte n-dry masera Couderc izay hifanerasera amin'izy ireo mandritra ny enim-bolana faharetan'ny fiofanana . Dieny izao dia efa hita fa vonona ny hanao io andrana ara-panahy io ry zareo

**FAMANGIANA NY TRANO SY NY MANODIDINA**













Toy ny isan-taona, ny mpampiofana FSI dia manokatra ny taona ary mikendry ny hanampy ireo mpiofana hiditra araka ny maha-olona, ara-panahy sy ara-psikolojia amin'io fotoan-dehiben'ny fiofanana io.





**Ny 10 janoary 2021 fotoan-dehibe. Fanokafana amin'ny fomba miavaka.**

Nialohavan'ny fivorian'ireo Lehibem-pikambanana ny fankalazana ny Sorona Masina.



Nanamarika io fihaonana io ny fanatrehan'ny pretran'i Jesoa telo ary anisan'izany ny Provinsialy.



Mompera Fulgence Rakotozafy no nitarika ny Sorona Masina, Provinsialin'ny fikambanan'i Jesoa, sy ny rahalahiny roa Mompera Jean Romain Rafanomezantsoa sy Mompera Olivier Rasolofoniaina. Sorona Masina nanetriketrika nankalazana ny Batemin'ny Tompo.







Koa satria nanatrika teo ireo lehibem-pikambanana tsy manaraka ny fampiaran'i Md Ignasy dia nanolotra ny firafitra sy fizotran'ny fiofanana i masera  Mélanie, lehibe Reziônaly ny Fikambanan'i Md Josefa avy any Aosta.




Nanolotra ny anarana nofidiany ny mpiofana : **« IRAKA : messagers »** sy ny **« sary famantarana »** manazava ny tanjony.

Tamin'ity indray mitoraka ity dia tena nanamarika ny isa 8 : mpiofana 8, fikambanana 8 samihafa, ary izy ireo no andiany fahavalo, ka nisafidy ny Tenin'Andriamanitra ao amin'i Md Mt 5,3-11 : ***« ny hasambarana valo »***.

Tamin'ny fandraisany fitenenana Mompera  Jean Romain, nanazava ny rafitra tamin'ny alàlan'ny sary ireo mpiara-miasa amin'ny fampandehanana tsara ny FSI hatramin'ny dingana ankapobeny sy ny ekipa mpampianatra sy ny mpitantana.
Taorian'io dia naneho ny hafaliany Mompera Fulgence Rakotozafy afaka nandray anjara tamin'io fihaonana io ary nahatsapa fa tafiditra amin'ny firotsahan'ny rahalahiny Mompera.Jean Romain no Mpanara-maso, Mompera Olivier no mandray anay amin'ny ivon-toerana ignasianina. Naneho taminay ihany koa izy ny fotoan-dehibe iainan'nu Fikambanan'ni Jesoa amin'izao fotoana izao :

- 125 taona naha Martiry an'i  Jacques Berthieu
- 50 taoana naha-Provinsy ny Fikambanana aty Madagasikara
- 500 taona ny nibebahan'i Md Ignasy
- Ny laharam-pahamehana  apôstôlikan'ny Fikambanana nangatahan'i Papa Fransoa

Noho izany rehetra izany, dia manomana drafitr'asa, tsy fanakalazana fotsiny fa hanao indrindra izao fotoan-dehibe izao ho fitoriana ny Vaovao Mahafaly ho an'ny  sokajin'ny olona rehetra S eo amin'ny fiaraha-monina.
Ny tarigetra noraisin'izy ireo : **« Mahita ny zava-drehetra vaovao ao amin'i Kristy »**
Tsapanay fa ny fiaraha-miasa dia manana toerany tokoa.

**Nifarana tamin'ny fakana sary  ny fihaoanana**




**NY TAPANY MARAINA  DIA NIFARANA TAMIN'NY SAKAFOM-PIRAHALAHIANA**




**Masera Claire Voahangy**